



## NY MPISOLO TOERANA

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho : | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** : |
| --- | --- |
| - mpisolo toerana hita maso sy tsy hita maso<br>- endrika isehoany<br>- karazany<br>- ny anjara asa tazoniny. | - manavaka ny tsirin-teny ao amin'ny mpisolo toerana hita maso sy tsy hita maso<br>- mampiasa ireo karazana mpisolo toerana am-bava na an-tsoratra ao anatin'ny fehezanteny. |

**Aorian'ny lesona dia afaka** mampiasa ireo karazana mpisolo toerana am-bava na an-tsoratra ao anatin'ny fehezanteny aho.



### SAHANASA 1 : MAMAKY SARY AHO

- Jereko sy dinihiko ny sary.
  **Inona io voankazo io ? misy voankazo toa io ve aty amin'ny tananany aty ? Inona avy ny soratra ao anatiny ? maninona no natao anatin'io voankazo io ny soratra ?**
- Tanisaiko ireo zavatra hita ao anatin'ilay sary
- Soratako anaty kahie ireo teny ao anaty sary
- Fantatro fa manondro zavatra ireo teny ireo

### SAHANASA 2 : MITENY / MANORATRA AHO

- Ireto ny teny ao anaty sary : eo, eny, etsy,ao, arý, ato
  **manondro inona ireo teny ireo ?**
- **Jereko ny hasinteny mamorona ireo mpisolo toerana-inona no atao hoe hasinteny ?**
  (singa kely indrindra misy heviny amin'ny teny anankiray)
- Ataoko ny fandrasana ireo mpisolo toerana
  **Inona avy ny anaran'ireo hasinteny tsirairay ?**
- Misy karazany 2 ny mpisolo toerana
  **inona avy izany ? manao ahoana ny endrika isehoany ?**
- Mamorona fehezanteny mampiasa mpisolo toerana isan-karazany aho, dia apetrako ny anjara asany avy – **inona avy ny anjara asa mety tanan'ny mpisolo toerana ?**
- Sintoniko amin'izay ny famaritana ny mpisolo toerana, ny endrika isehoany, ny karazany, ny anjara asa mety tanany.
- Raisiko anaty kahie ny famaritana, ny karazana mpisolo toerana, ny endrika isehoany, ny anjara asa tanany.
- Adikao anaty kahie ny sary voaloboka, dia fenoy mpisolo toerana isan-karazany izay mbola banga.



IREO NAMOLAVOLA
*Andriamitandrina Leo Pauldine - CEG Ambohitoaka ; Ramahavita Marie Sabrina - CEG Bekoratsaka ( CISCO Mampikony)*

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- Indreo misy sarina daomy hanaovana lalao
- Fenoiko mpisolo toerana ny banga ao amin'ny daomy etsy ambany -
  **inona no fanamarihana azo atao ?**
  **inona no mpisolo toerana afaka miaraka amin'ny efa ao ?**

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Eo | | | Ato | Atsy | |
| | Ery | Ety | | | Aroa |
| Any | | | | | |

**Sarina Daomy**



## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- Apetrako ny anjara asan'ny mpisolo toerana ao anatin'ny fehezanteny -
  **afaka mitana anjara asa inona avy moa ny mpisolo toerana ?**
- Avahako ny tsirinteny ao anatin'ny mpisolo toerana hita maso sy tsy hita maso dia omeko ny anaran'ireo tsirinteny ireo.

IREO NAMOLAVOLA
*Andriamitandrina Leo Pauldine - CEG Ambohitoaka ; Ramahavita Marie Sabrina - CEG Bekoratsaka ( CISCO Mampikony)*